Covid-19. Dr Fanomezantsoa Zaraniaina

# Tosiky ny toekarena ny fahaiza-mitrandraka ny voka-pikarohana

Vola tsy toko tsy forohana ho an' ny kitapombolam-panjaka na ny fahitan'ny Dokotera Fanomezantsoa Zaraniaina, ilay fanafody fanefitry ny aretina « Covid », amin'ny alalan'ny fampiasana ny « Serum Vaccin » ary azo amidy amin'ny sarany 10 Euros ny iray, mba hahafahana mamonjy ain'olona, no sady afaka manarina ny toekarenan' i Madagasikara. Nanohy fanazavana ny Dr Zaraniaina, fa tokony hisy fifanatonana haingana eo amin'ny fitondram-panjakana, sy ireo mpiara-miombon'antoka momba ny « Laboratoire » any ivelany miaraka amin'ny tenany, mba hahafahana manodina an'ity fanafody fanefitry ny « Covid » ity ary ho jifain'izao tontolo izao. Nilaza ity mpitabo no sady mpikaroka ity, fa efa ambony be ny tahan' ny fifindran'ny aretina « Coronavirus » any amin' ireo firenen-dehibe nanomboka ny herinandro lasa teo, ao anatin'izany i Frantsa sy i Etazonia, izay mihoatra ny 200 000 trangana « Covid » isan' andro. Nanamafy ity mpitantana ny « Fondation Zaraniaina » etsy Andoharanofotsy ity, fa efa manitsaka teboka mena ireo firenena vaventy manoloana ny fiparitahan'ny aretina « Coronavirus » ary tsy maintsy hilefitra sy hitady an'ity voka-pikarohan' ny Dr Zaraniaina ireto farany, na ho ela na ho haingana. Nanazava izy, fa vonona hiara-hiasa amin'ny fitondram-panjakana ity farany amin'ny fanaparitahana an'ity fanafody ity, satria ny fanjakana irery ihany no manam-pahefana hanatanteraka an'izany tetikasa goavana izany ary tsy maintsy miara-miasa amin'ny firenen-dehibe ity farany, mba tsy ho votsotra ny tombotsoa . Nampahatsiahy ny tantara ity mpitsabo ity, fa famonjena ny firenena iray amin'ny fahantrana manjo azy ny fahitan'ny mpikaroka ny fanafodin'ny Coronavirus, satria trangan-javatra izay manahirana an'izao tontolo izao io aretina io. Marihina fa vokatra novolavolaina amin'ny alalan'ny « Approche Analaogie structurelle » ity fanafody fanefitra antsoina hoe « Serum Vaccin », izay hitan'ny Dr Fanomezantsoa Zaraniaina ity.



Dr Fanomezantsoa Zaraniaina.

**Franck Razakambelo**

Fampianarana, tontolon'ny boky, haisoratra

# Lavo ny andrarezina André Rakotondranaivo

Misaona ny tontolon'ny fampianarana, sy ny tontolon'ny fanaovana boky ary ny haisoratra eto amintsika, lavo ny andrarezina André Rakotondranaivo, izay mpanabe nanana ny naha-izy azy teo amin'ireo sehatra ireo. Very olomanga ny tontolon'ny fampianarana sy ny literatiora. Nodimandry ny talata teo, teo amin'ny faha-95 taonany i Rakotondranaivo André antsoina hoe Aéra. Nahafantarana azy ny fanoratana boky fampianarana toy ny: Kajy Fototra, Fahalalana Tsotsotra, Fitsipipitenenana, fampianarana ny fiteny Malagasy, izay nampiasaina tany amin'ny taona 1970 sy 1980. Fantatra koa teo amin'ny sehatry ny tononkalo izy, izay nampiasaina tany amin'ny fanabeazana fototra ary mpikambana tao amin'ny Havatsa-Upem Ratompokolahy. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

**Stefa**



Ny mpanabe André Rakotondranaivo fahavelony.

Coronavirus sy ny Oniversite

# Ny komity siantifika no hanapaka na hahemotra ny fidirana na tsia

Tokony hiverina an-tsekoly ny 10 janoary ho avy izao ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony. Mety hiova anefa izany, noho ny fitomboan' ny olona mitondra ny tsimokaretina corona amin' izao fotoana. Noho izay antony izay, ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika dia nanambara fa anjaran'ny komity siantifika eny anivon'ny Oniversite tsirairay no mandinika ny mety hanemorana na tsia ny fanombohan'ny taom-pianarana hotontosaina ny 10 janoary izao, araka ny fanazavan'ny minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika. Taorian'ny fanemorana ny fiandohan'ny taom-pinanarana amin'ity volana janoary ity, eny amin'ny ambaratonga fototra sy faharoa eto Analamanga sy Vakinankaratra, dia manomboka manahy ny amin'ny hanjo azy ireo ihany koa ny mpianatra manoloana ny firongatry ny valanaretina indray any amin'ireo faritra roa ireo.
Miandry ny fanapahankevitra avy amin'ny manampahefana mahefa, ny minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika ary miantso ny Oniversite tsirairay, mba hanaja ny fihetsika sakana amin'ny ady amin' ny fiparitahan'ny Covid-19.



Ny Oniversiten'Antananarivo.

**Niaina**

## Sakafo Ny Valosoa



**Lasopy legioma silamangany** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia ihany koa miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly ho fanafana amin'ny sempotra, kohaka, rehoka



Fomba natoraly manala ny sempotra , kohaka , rehoka ao amin'ny tratra, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Zavatra ilaina :
mananasy 1, 2 tamek'atody, siramamy 2 sotrokely na tantely 2 sotrokely.
Fanaovana azy :
- Sasana ilay mananasy vao novoasana ary tetehana boribory atao daholo ny mananasy anankiray,
- avy eo rarahana siramamy ) na tantely 2 sotrokely, mba hivoaka ilay ranony raha toa ka tsy misy mixeur ao aminao, raha misy dia mixer-na. Tsy asiana rano.
- Rehefa vita izay dia hafangaroy ilay tamek'tody dia avelao haka aina kely 10 min eo vao misotro 1 sotrokely na 1 na sotro lehibe.
Fihinana azy :
- Raha zaza 4 volana- 3 taona dia 1 sotrokely, atao in-3 isan'andro : maraina, atoandro, hariva.
- Raha zaza 4 taona- 18 taona, sy olon-dehibe dia 1 sotro fihinanana, atao in-3 isan'andro : maraina, atoandro, hariva, mandritra ny 3 andro.
Azo tehirizina 48h anaty frigo ny ambiny, ataovy anaty lovia vera na bôcale.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Bekipay any amin'ny distrikan'i Mitsinjo, faritra Boeny

Ny tanànan'i Bekipay any amin'ny distrikan'i Mitsinjo, faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Bekipay ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Mitsinjo. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 35 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any amin'ny faritra afovoany andrefan'ny faritra Boeny no misy azy. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy: ny katsaka, ny mangahazo.



